# La Définition de Chalcédoine en langue malgache

## Fanekem-pinoan’ i Kalkedôna

Araka ireo Ray masina izany dia mampianatra amim-piraisam-peo izahay fa mitory Zanaka iray sady tokana, dia ny Tomponay Jesoa Kristy, ilay tanteraka amin’ ny maha Andriamanitra, sy tanteraka amin’ ny maha olombelona, Andriamanitra tokoa ary olona tokoa misy fanahy misaina sy vatana, mitovy fomba amin’ ny Ray araka ny maha Andriamanitra sy mitovy fomba amintsika araka ny maha olombelona, manahaka antsika amin’ ny lafiny rehetra afa-tsy amin’ ny fahotana, nateraky ny Ray talohan’ ny fotoana rehetra araka ny maha Andrimanitra, ary amin’ ny andro farany izy tenany ilay nateraka ho antsika sy ho famonjena antsika avy amin’ i Maria Virjiny, Renin’ Andriamanitra araka ny maha olombelona, Kristy iray sady tokana, Zanaky ny Tompo, izay hany nateraka, ekena fa manana fomba roa, tsy mifangaro, tsy miova, tsy mizara ary tsy misaraka, ny mahasamy hafa ireo fomba roa ireo dia tsy foanan’ ny fiombonana, ny toetran’ ny fomban’ ny natiora tsirairay dia voatahiry sady mandray anjara amin’ ny persôna sy hipôstazy iray, dia Kristy tsy mivaky sy tsy misaraka ho persôna roa, fa Zanaka iray sady tokana, tokana nateraka, Andriamanitra Teny, Tompo Jesoa Kristy.

---

Reproduit de « Fiekem-pinoan’ i Kalkedôna », *Wikipedia*.

www.ressourceschretiennes.com

2021. Utilisé avec permission. Cet article est sous licence Creative Commons. Paternité – Partage dans les mêmes conditions 4.0 International (CC BY-SA 4.0)